# Ilay Voa Tsara Nafafy 10 Oktobra 2018

# 10 **Alarobia** oktobra

***(Hoy Jesosy :)*** **Efa hitako ilay ondriko very.**
Lioka 15. 6

**Ny *(ondry)* very hotadiaviko, ny voaroaka hampodiko, ny folaka hohamarako, ny malemy hohatanjahiko.** Ezekiela 34. 16

**Tsy hisy hahita ahy**

Any amin'ny nosy Chiloé (amorontsirak'i Chili) no monina i Elsa. Miaritra ny herisetran'ny vadiny mamo lava izy isanandro, ary na dia mahantra aza, dia miandraikitra irery ny famelomana ny zanany maro. Feno fijaliana ara-batana sy ara-tsaina ny fiainany (kilemaina izy). Tsy misy manampy azy ny havany, izay andevozin'ny finoanoampoanany. Mampahory azy koa ny eritreriny te hampitsahatra izao fiainany izao. Tsy hisy halahelo azy akory, raha maty izy. Iza moa no hahita azy ao anatin'iry farihy lalina tazany avy eo am-baravarankelin'ny lakoziany iry ?

Nefa misy feo anaty, toa miteny aminy hoe : „Aza manao an'izany !"

Tsy fantatr'i Elsa fa misy mitady izy. Taorianan'ny nahafatesan'ny vadiny, dia nisy kristiana nandalo teo, indray andro, nahita ny zanany lahy mamo, ary nanatitra azy nody. Nanandrana niresaka an'i Jesosy taminy ireo kristiana ireo, saingy nasainy nankany amin'ny reniny. Noraisin'i Elsa hoe „iraka avy any an-danitra" izy ireo. Niarahan'izy rehetra namaky tao amin'ny Filazantsara ny tantaran'ilay zanaka adala, nandao ny fianakaviany mba hiaina ny fiainany manokana, ary niverina tao amin'ny rainy ihany (Lioka 15. 11-32). Voakasiky ny fahari-pon'Andriamanitra sy ny fahamoram-panahiny i Elsa, ka niaiky taminy ny tsy fahatokiany sy ny fikomiany, noho ireo fahoriany sy noho ireo fahadisoany. Nandray famelan-keloka feno tamin'izany rehetra izany i Elsa. Nanjary feno fiadanana sy fifaliana ny fony : hitan'ny Tompo Jesosy ihany izy, nony farany !

Ary nahasambatra azy koa ny nanambara tamin'ny olona rehetra, fa teo no ho eo ihany dia sitrana niverina tamin'ny laoniny ireo rantsambatany nifintina.

*(araka ny taratasy iray voaray tamin'ny 13/06/2014)*